# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Aogositra 2018

# 27 Alatsinainy aogositra

**Andriamanitra, Mpamonjy antsika … tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina.** 1 Timoty 2. 3, 4

## Tsy hitan'ny olona

Misy, ao anaty fiarahamonina, olona maro tsy mba re ny feony. Ary satria tsy mba mitabataba izy ireo, dia tsy raharahaina firy ny heviny na ny hetahetany. Saingy na tsy hitan'ny olona aza izy, dia izao no zavatra azo antoka : mahita azy Andriamanitra ary mahafantatra ireo toe-javatra momba ny fiainany : „Eny an-danitra no itsinjovan'i Jehovah ; mijery ny zanak'olombelona rehetra Izy" (Salamo 33. 13). „Voadinikao ny toetrako, na mandeha aho, na mandry ; ary fantatrao tsara ny alehako rehetra" (Salamo 139. 3). „Ny famadihana ny adin'ny olona, dia … tsy sitraky ny Tompo" (Fitomaniana 3. 36).

Ao amin'ny Filazantsara, i Zakaiosy, izay lehilahy fohy sady nailikiliky ny mpiara-belona taminy noho ny asany, dia nianika teny ambony hazo mba hahita an'i Jesosy handalo (Lioka 19. 1-10). Dia hitan'ny Tompo izy, toy ny nahitany ilay mpitondratena nandatsaka rakitra tao an-tempoly, nandatsaka „izay rehetra nananany" (Marka 12. 44).

Ianao ve mahatsiaro tena ho mitoka-monina, na odiana tsy fantatra, na atao tsinontsinona mihitsy aza ? Mankanesa eo amin'i Jesosy ! Tsy mba mandà an'iza na iza Izy : „Tsy misy fizahan-tavan'olona amin'Andriamanitra" (Romana 2. 11). „Tsy misy fizahan-tavan'olona aminy" (Efesiana 6. 9).

Na aiza na aiza fiaviantsika na firenentsika, na inona na inona volon-koditsika, sarangam-piarahamonina misy antsika, asantsika, dia ambaran'Ariamanitra fa mpanota avokoa isika rehetra, „tsy misy hafa" (Romana 3. 22-23). Ary ny mahatalanjona, dia Izy manolotra famelan-keloka ho an'ny olona rehetra, noho ny asam-panavotana nataon'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana. Hoy Izy amintsika : „Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy" (Jaona 6. 37). Koa tsy misy „hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika" (Romana 8. 39).